# Ilay Voa Tsara Nafafy 25 Mey 2020

**25** **Alatsinainy**
mey

**Tsy mitsahatra ny fiantrany. Vaovao isa-maraina izany ; lehibe ny fahamarinanao.**
Fitomaniana 3. 22, 23

**Sambatra izay olona manan-kery avy aminao... Miampy hery eny am-pandehanana izy.**
Salamo 84. 5, 7

### Ny fahoriana anio

„Fotoana fohy ihany aho no mijaly ; matoa isika kivy sy mamoy fo, dia satria mieritreritra ny lasa sy ny hoavy." Ahazoana fampianarana izany tenin'i Thérèse de Lisieux izany : ahoana ny fihetsika manoloana ny fijaliana na ireo fitsapana eo amin'ny fiainana ?

Mety haha manina antsika ny fahatoniana tamin'ny andro lasa, ny fifaliana sy ny fiainana mora tany aloha. Nefa taomin'Andriamanitra isika tsy hijery ny lasa mba haneni-na. „Aza manao hoe : Ahoana no nahatsara ny andro taloha noho ny ankehitriny ? fa tsy avy amin'ny fahendrena no anontanianao izany" (Mpitoriteny 7. 10). Nefa kosa aoka hotsarovantsika fa tsy mba nandao antsika mihitsy Andriamanitra.

Mety hanana ahiahy ihany koa isika momba ny hoavy : mihena ny herintsika, mampitebiteby ny fomba fiovan'ny fiarahamonina... Nefa hoy ny apostoly amintsika : „Apetraho aminy *(amin'Andriamanitra)* ny fanahianareo rehetra ; fa Izy no miahy anareo" (1 Petera 5. 7). Tsy afaka manova na inona na inona momba ny lasantsika isika, ary tsy antsika ny hoavy. Eo am-pelatanan'Andriamanitra ny zavatra rehetra, Izy no mahatanteraka izany ho antsika (Salamo 57. 2).

„Ampy ho an'ny andro ny ratsy miseho ao aminy", hoy Jesosy Kristy (Matio 6. 34). Vitantsika ny mizaka ny fahoriana miseho anio, rehefa ampiany isika. Tia antsika Izy, ary mahatakatra ireo fijaliantsika sy miara-ory amintsika mandrakariva. Hanome hery antsika isanandro isanandro Izy. Aoka isika hianatra ny hangataka izany aminy isa-maraina sy hiantehitra amin'ny tsy fiovaovany. Nampanantena Izy hoe : „Indro, Izaho momba anareo mandrakariva" (Matio 28. 20).